#FENITRA 10 MAMPAHOMBY NY FANDRAKOFANA ALA AN'I MADAGASIKARA

MINISTERE DE L'ECOLOGIE ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

ALAMINO
AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS DE MADAGASCAR

INDRI
INITIATIVE POUR LE DEVELOPPEMENT
LA RESTAURATION ECOLOGIQUE
ET L'INNOVATION

HAMEHANA NASIONALY

Ny fihenan'ny ala sy ny fahapotehan'ny tontolo iainana dia mampatahotra, ary misy fiantraikany lehibe (fikorontanana, fahasimban'ny tany, hain-tany, tondra-drano, sns), izay vao mainka nanamafy ny fiovan'ny toetr'andro. Tsy maintsy ho lasa Nosy Maitso indray ny Nosy Mena: iarahan'ny manam-pahefana, ny firaisamonim-pirenena, ny mpandraharaha, ny mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ary ny ampahany betsaka amin'ny mponina izany faharesen-dahatra izany. Ary mihamaro hatrany ny mpisehatra manohana izany.

FANAMBY HATREHINA

Indrisy anefa fa maro ny hetsika fambolen-kazo tsy nahomby, noho ny tsy fahampian'ny fandraisana anjaran'ny vondrom-piarahamonina, ny teknika mifanaraka amin'izany, ny famatsiam-bola, ny drafitra ary ny fanaraha-maso. Matetika ny fambolen-kazo dia tsy mifandray amin'ny zava-misy eo amin'ny tontolo manodidina hanantanterahana azy akory. Tsy ampy ny fandrindrana sy fifampizarana vaovao, be loatra ny mpisehatra miainga amin'ny tsy misy no sady tsy mijery ny angon-drakitra efa misy sy ny traikefan'ireo zokiolona.

FOMBA FIASA IOMBONANA

Manoloana ireo fanamby ireo, dia nanambatra tao anatin'ny antontan-taratasy iray ny foto-kevitra fototra rehetra ho an'ny hetsika fandrakofana ala mahomby ny mpikambana ao amin'ny hetsika Alamino. Ireo fitsipika ireo dia fitambaran'ny fahalalàna sy ny traikefan'ny mpisehatra maro samihafa.

TOROLALANA AZO AMPIHARINA SY MANARA-PENITRA

Ny fenitra tsirairay dia miendrika ho hetsika fototra. Ity antontan-taratasy ity dia natao ho an'ny mpisehatra marobe, na manam-pahaizana manokana na ireo vao hanao fambolen-kazo. Ny dingana sasany dia mety ho tsotra kely ho an'ny manam-pahaizana, saingy zava-dehibe ny teboka rehetra. Mangataka ireo mpitarika tetikasa izahay mba "hanisy marika" ireo dingana izay narahiny tamin'ity antontan-taratasy ity, araka izay azo atao, ary hizara ny valiny aminay hanatsarana azy ity.

Manao antso avo amin'ireo mpitarika tetikasa fambolen-kazo rehetra izahay mba hanaraka ireo fenitra 10 ireo, izay tena ilaina mba hahombiazan'ny fanamaitsoana ny firenentsika.

MAX FONTAINE ANDONIRINA

Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy an'i Madagasikara

Ry mpiaramiombon'antoka sy hery lehiben'ny fandrakofana ala,

Efa hatry ny ela no nananako fandavan-tena ho an'ny fambolen-kazo. Mialohan'ny naha-Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ahy, dia efa nandray anjara mavitrika teny ifotony aho, niasa ho an'ny fanarenana ireo tontolo sarobidy efa simba. Ity fanamby ity, izay tena zava-dehibe ho an'ny firenentsika, dia mitaky fandraisana andraikitra avy amin'ny rehetra.

Ny traikefa an-tsaha ananako dia nampianatra ahy fa ny fahombiazan'ny tetikasa fambolen-kazo dia mitaky fanoloran-tena lehibe, fandrindrana maty paika, ary fanaraha-maso tsara. Efa mipaka amin'ny mponina ny maha-zava-dehibe ny fandrakofana ala ankehitriny, kanefa mba hamadika izany risi-po izany ho fahombiazana, dia mila mijery lavitra isika fa tsy mionona amin'ny fanatsatohana zanakazo fotsiny ihany. Tena ilaina ny manolo-tena mandritra ny fotoana maharitra, ny miara-miasa akaiky amin'ny vondron'olona ifotony, ny mahazo antoka fa ny ezaka fambolen-kazo ataontsika dia tena mifanaraka amin'ny filan'izy ireo sy manatsara ny karazanjavamananaina.

Ny "Fenitra 10 mampahomby ny fandrakofana ala an'i Madagasikara" dia manasongadina ireo fepetra nolazaina etsy ambony ireo amin'ny fomba mazava. Ireo fenitra ireo dia vokatry ny fiaraha-miasa tsara alain-tahaka eo amin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy sy ny tetikasa Alamino, izay mampivondrona mpisehatra mihoatra ny 250. Ireo fenitra ireo dia atokisako tanteraka, ho fanohizana ny asan'ny Minisitra teo aloha, Dr Baomiavotse Vahinala Raharinirina.

Roa taona taorian'ny fampahafantarana azy, dia nanampy mpisehatra maro tamin'ny asany ireo fenitra ireo. Ny fanehoan-kevitr'ireo mpisehatra momba ireo fenitra taorian'ny nanarahany azy ireo, dia nentina nanatsarana ity antontan-taratasy ity, ka hahazoantsika manolotra izao antontan-taratasy mihavao sy mora azo kokoa izao. Misaotra amin-kafanam-po ny rehetra izay nizara ny fahaizany sy ny traikefany aho mba hahatonga ireo fenitra ireo ho feno sy mafonja kokoa.

Ity antontan-taratasy ity dia mari-pamantarana hiantohana ny fahatsarana sy ny faharetan'ny asa fandrakofana ala ataontsika. Manasa ny mpisehatra tsirairay mandray anjara amin'ny fambolen-kazo eto Madagasikara aho — na manam-pahefana ianao, na mpikambana ao amin'ny firaisamonim-pirenena, na mpandraharaha, na mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola — mba hanaraka ireo fenitra 10 ireo amim-pahamatorana sy fahavononana. Raha miara-miezaka isika, dia afaka miaraka manatanteraka fandrakofana ala maharitra sy mitondra vokatsoa ho an'ny firenentsika.

Misokatra tanteraka amin'ny tetikasa mitondra zava-baovao ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ; miantso am-pitiavana izahay ny hisian'ny fiaraha-miasa akaiky sy ny fampivondronana ny faharanitan-tsaintsika ahafahana miatrika ny fanamby lehibe ho an'ny fara-mandimby : dia ny fiarovana ny tontolo iainana.

FONTAINE Max Andonirina

#1

MIROTSAKA AN-TSEHATRA MAHARITRA

Tsy voafetra amin'ny fanatsatohana zanakazo ihany ny fambolen-kazo! Zava-dehibe ihany koa ny fiomanana, ny fikarakarana ary ny fanaraha-maso. Araka ny tondroin'ny sarintany etsy amin’ny sary dia tsy maintsy...

Faritana ny tanjona: fambolen-kazo ho an'ny famokarana ve ilay hatao (hazo sy angovo, hazo ilaina amin’ny fanorenana, voankazo, sns.), sa ho an’ny fiarovana (tany, toeram-pitsangatsanganana, loharanon-drano, morontsiraka, sns) ary/na famerenana sy fiarovana ny ala voajanahary sy ny zavamananaina ?

Soritana ny drafi-panajariana sy fikojakojana ny toerana (fisafidianana ny zanakazo ho volena, fanomanana ny tany, fomba Manangana drafitra fampandrosoana sy fikojakojana ny toerana (safidy karazana, fanomanana ny tany, fomba fambolen-kazo, fandaminana sy hakitroky ny hazo, fanondrahana, fiarovana amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna, afo sy biby fiompy, famoronana sy fikojakojana aroafo). Fantaro ireo olona tokony ilaina amin'ireo dingana tsirairay ireo.

Tandrovana ny faharetana ara-bolan’ny tetikasa, na amin'ny alalan'ny tombom-barotra ara-toekarena (famokarana voankazo, vokatra, famokarana kitay na hazo ho an’ny fanamboarana zavatra), na amin'ny alalan'ny famatsiam-bola maharitra.

Mampiasa vola azo antoka amin'ny alàlan'ny fisorohana ny tetikasa fambolen-kazo tsy misy tanjona sy ho an'ny serasera fotsiny.

Omanina hatrany am-boalohany **ny loharanom-mbola ampy ho an'ny fikojakojana, fanaraha-maso ary fanombanana ny tetikasa**, miaraka amin'ny tondro fanombanana ny taham-pahaveloman'ireo zavamaniry mandritra ny taona maromaro.

#2

AMPIFANDRAISINA AMIN'NY TONTOLO HANAOVANA AZY NY FAMBOLEN-KAZO

Ny toerana hambolena hazo dia ao anaty faritra iray… tsy maintsy raisina an-tsaina izany. Ny ala dia singa iray lehibe amin'ny mozaikan’ny tontolo iainana. Ny fambolen-kazo dia tsy maintsy mifameno amin’ny sahanasa hafa manodidina, mba hahafeno ny filàna ara-tontolo iainana, ara-toekarena ary ara-tsosialy eo an-toerana. Noho izany, dia ilaina ny:

Manome lanja ny asa eo an-toerana: fambolena, fiompiana, jono, fizahan-tany, asa tanana, fitaterana, famokarana angovo, sns.

Mandray anjara amin'ny fikojakojana na famerenana amin'ny laoniny ireo anjara asa lehiben’ny tontolo iainana : loharanon-drano, kalitaon'ny tany, fikojakojana ny zavamananaina.

Mihevitra ny fiarovana ny ala efa misy sy ny mety hisian'ny fanavaozana ara-boajanahary ny ala, na fanampiana ny fanavaozana voajanahary.

Miaro ny karazam-biby (varika, vorona, sns.) izay mitana anjara toerana lehibe amin'ny fanaparitahana ny masomboly ary mandray anjara amin'ny famerenana amin'ny laoniny ho azy ny ala sy ny tontolo iainana.

Miomana araka izay tratra amin’ny mety hisian’ireo trangan-javatra lehibe mety hahazo ny faritra voakasika: fiovaovan'ny toetr'andro, tsy fandriampahalemana, fifindra-monina, tetikasa lehibe, sns.

#3

JERENA NY TOMBONTSOAN'NY OLONA ENY IFOTONY

Rehefa mamboly hazo, dia mila raisina an-tsaina ny mety ho sakana, ny fitakiana ary filàna eo an-toerana. Ity dingana ity dia tena ilaina satria mampandray anjara ny vondrom-piarahamonina sy ny mpisehatra hafa. Ilaina izany ny:

Maka ny hevitra sy mifanakalo hevitra amin'ireo mponina eny an-toerana dieny vao manomboka ny tetikasa. Manao ahoana ny toe-java-misy eo aminy ? Inona no ilainy sy ny zavatra andrasany? Tsy maintsy mandray anjara amin'ny famaritana ny tetikasa sy ny tanjona izy ireo.

Maka hevitra any amin'ireo mpisehatra ifotony hafa : manam-pahefana eo an-toerana, ONG, sehatra tsy miankina, firaisamonimpirenena, mpitondra ara-panahy sy ara-drazana.

Manamarina fa ny fambolen-kazo dia ahitana taratra ireo fifampidinihana ireo, mamaly ny filana voafaritra (fahasalamana, fidiram-bola mendrika, fanjarian-tsakafo, loharanon-drano, sns.), ary mampiroborobo ny fahalalàna eo an-toerana.



Manome antoka fa ho zaraina ara-drariny eo amin'ny mponina ny tombontsoa azo avy amin'ny tetikasa.

Manao izay hahazoana antoka fa manana fahalianana amin'ny fambolen-kazo ny fokonolona, mba hahafahan'izy ireo mandray anjara tsara sy mazoto mikarakara ny voly.

#4

OMENA ANJARA ANDRAIKITRA NY MPONINA ENY IFOTONY

Ny fandrafetana, ny fanatanterahana sy ny fanaraha-maso ny asa fandrakofana ala dia mitaky fampandraisana anjara mavitrika ireo vondron'olona ifotony, ireo mpisehatra sy ireo tompon'andraiki-panjakana ary ireo manampahefana eo anivon'ny kaominina, amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo tantsoroka mifanaraka amin'izany. Ilaina ny :

Mamantatra ireo rafitra eny ifotony izay azo ampandraisana anjara, na ara-panjakana na tsia, mahasolontena ireo mponina eo an- toerana (tanora, vehivavy, foko samy hafa).

Mandresy lahatra ny ben'ny tanàna, ny sefom-pokontany, ny olobe eo an-tanàna sy ny raimandreny ara-drazana sy ara-panahy, ny tanora sy ny mponina mba hahatsapa ny lokanadin'ny fandrakofana ala, amin'ny alalan'ny fitsidihana fifampizarana.

Mampandray anjara mavitrika ireo mpisehatra amin'ny asa fanentanana, fitantanana ireo tanin-jana-kazo (izay tokony ampanakaikezina ny mponina sy ny toeram-pambolen-kazo), sy fandrafetana ary fitantanana ny tetikasa fandrakofana ala rehetra.

Manolotra ireo enti-manana ho an'ny eny ifotony (fitaovana, zana-kazo, sns.) ho fanohanana azy ireo. Ilaina arak'izany ny famindram-pitantanana sy famindrana andraikitra izay ekena sy ankatoavin'ny fokonolona.

#5

AROVANA NY MOMBA NY FANANAN-TANY

Ny mpisehatra manao tetikasa fambolen-kazo dia tsy maintsy miantoka fa ny mponina sy ny mpisehatra eo an-toerana dia hisitraka ny tombontsoa azo avy amin'ny fambolen-kazo atao. Misy vahaolana azo heverina manoloana ny olana ara-tany:

Raha mety, dia **mambole hazo eo amin'ny taninao manokana na koa eo amin'ny tany tsy misy olana ara-taratasy** ka mazoto ho amin'izany ny tompon-tany.

Amin'ny toe-javatra rehetra, hamarino hoe iza no tompon'ny tany hambolena ny hazo.

Raha ilaina sy azo atao dia miaraha miasa amin'ny manam-pahefana mba handaminana ny sata mifehy ny tany. Raha natao ho an'ny vondrom-piarahamonina ny tetikasa, dia zava-dehibe ny fanampiana azy ireo hisitraka ny zony amin'ny tany.

Raha toa ka tsy misy inon'inona azo atao, dia ilaina ny mitady vahaolana hafa ahafahan'ny vondrom-piarahamonina mitazona ny tombontsoa azo avy amin'ny fambolen-kazo. Mila "sécurisation d'usage" na fiarovana ny fampiasana ny tany izany, izay tena ilaina mba hanentanana ny vondrom-piarahamonina sy hisorohana ny tsy fahazoany tombontsoa amin'ny fambolen-kazo.

Fakafakana tsara ny fahefana manatanteraka ny fanomezana an'ireo vondron'olona ireo kara-tany hoan'ireo tany nambolena hazo, alohan'ny hanomezana toky azy ireo, hisorohana ny tsy fifankahazoana miteraka tsy fahatomombanan'ny asa.

#6

OMANINA TSARA NY FAMBOLEN-KAZO

Hampahomby azy, dia tokony atao amin’ny fiantombohan’ny vanim-potoanan’ny orana ny fambolen-kazo. Izany dia mitaky tetiandro maty paika izay tsy maintsy arahina, ary tsy maintsy omena fotoana tsara ny fanatanterahana ireo dingana tsirairay: ny fisafidianana ny tany, ny fanomanana ny tanin-jana-kazo, ny fifampiresahana amin’ny mpisehatra eny ifotony, ny fanomanana ny olona sy ny fitaovana, sns.

Faritana mazava ny tetiandro voarindra izay miantoka fa ho voatsatoka amin’ny fiantombohan’ny vanim-potoanan’ny orana ny zanakazo. Hajao io tetiandro io dia hahomby ny tetikasanao !

Faritana mazava tsara ny toerana ho rakofana ala. Toerana misy tany azo ambolena tsara sy toetrandro sahaza azy no safidiana, toerana akaiky loharano hahamora ny fanondrahana azy. Alaina sy tehirizina ireo fangitra ara-jeôgrafika anaovana ny fanaraha-maso.

Voa na zavamaniry tsara kalitao no safidiana. Ataovy azo antoka ny fiavian'ny masomboly, hajao ny fitsipiky ny fitsimohany, alamino mialoha ny zavamaniry ao amin'ny taninjanakazo, ataovy izay hahatsara ny fitaterana ny zavamaniry ho any amin'ny toerana fambolen-kazo mba tsy hanimba na hahamaina azy.

Omanina ireo fitaovana sy ny isan’ny olona ilaina mialoha (fitaovana, fanondrahana, daba-pako, fitaterana ireo mpandray anjara, rano fisotro, sakafo, sns.)

Dinihana mialoha ireo fomba hanangonana ny fako indrindra fa ireo harona plastika avy ampiasaina tamin’ny zana-kazo, na mampiasa fonosana mora levona na azo averina ampiasaina.

#7

SAFIDIANA TSARA NY KARAZAN-KAZO HOVOLENA

Ny fisafidianana ny karazan-kazo dia dingana lehibe. Miankina amin’izany manko ny fitomboan’ny taha-pahaveloman’ny zana-kazo ho velona sy ny fanatrarana ny tanjon'ny tetikasa fambolen-kazo: fanohanana ny mponina eny ifotony, famerenana amin'ny laoniny ny tontolo iainana sy ny zavamananaina, ny fahazakana ny toetr'andro, sns. Ilaina ny:

Mandinika ny filan’ny mponina eny ifotony (toy ny hoe: hazo mampidi-bola, hazo fihinam-boa, hazo kitay sy saribao, sa hazo haingam-pitombo ve no ilainy).

Misafidy hazo mahazaka ny toetr’andro sy mifanaraka amin’ny toerana hambolena hazo. Tandremo: ny kininina dia mitroka rano be, ary ny hazo sesika sy ny akasia dia misandrahaka vetivety ka tsy tsara volena akaiky faritra arovana.

Araka izay azo atao, dia aleo hazo zanatany no volena, izany hoe hazo avy eto Madagasikara. Ity teboka ity dia zava-dehibe hanarenana ny rohivoahary sy hamerenana ny karazanjavamananaina.

Miomana mialoha amin’ny vokatry ny fiovaovan’ny toetr’andro arakaraka ny toerana ho rakofana ala, ohatra amin’ny alalan’ny fambolena karazan-kazo mahazaka ny fiakaran’ny hafanana sy ny haintany.

Amin’ireo faritra kaohan’ny riaka (sahan-driaka tsy misy zava-maniry, lavaka, atsanga), misafidy ireo karazan-kazo afaka mitazona sy manarina ny tany ary mamerina ny tsiron-tany (vétiver, volobe, sns.)

#8

HOFANINA TSARA IREO MPISEHATRA

Zava-dehibe ny fanetsehana ireo mana-pahaizana ara-teknika sy ny fanofanana araka ny tokony ho izy ny olona rehetra voakasik'ilay tetikasa fambolen-kazo. Ilaina izany:

Ny maka ny hevitry ny mana-pahaizana hahafahana manomana fandrakofana ala mifanaraka amin'ny toetrandro sy ny toetany eo an-toerana sy ny filana eny ifotony eo am-panomanana ny tetikasa.

Ny mampiofana ireo mpandray anjara rehetra amin'ny tetikasa fambolen-kazo, anisan'izany ny mponina eny ifotony.

Raha ilaina, dia **hofanina ireo mpampiofana eny ifotony** izay hizara ny fahalalàny amin'ny olona tsirairay.

Ny mizara ireo teknika fanatsatohana zanakazo anatin'ny fiofanana omena, fa eo ihany koa **ny teknika fikarakarana sy fanaraha-maso**. Manentana momba ny mahazavadehibe ny hazo sy ny ala.

Ny mampiasa fitaovana ho an'ny fanofanana mifanaraka amin'ireo olona hofanina, anisan'izany ny sary raha sendra tsy mahay mamaky teny sy manoratra izy ireo.

#9

MIARA-MIASA AMIN'NY MPISEHATRA HAFA

Ireo mpisehatra fototra (manam-pahefana, firaisamonim-pirenena, ONG, sehatra tsy miankina, mpamatsy vola) dia tokony miara-miasa akaiky. Izany dia mampisy fandrindrana mahomby sy fifampizarana fomba fanao tsara, ary afaka manampy amin'ny famahana ny sakana eo amin'ny sehatra eo an-toerana sy eo amin'ny firenena. Ilaina ny:

Miara-miasa akaiky amin'ireo tompon'andraiki-panjakana eny ifotony (kaominina, fokontany, ireo mpitondra ara-pinoandrazana), mamolavola ny tetikasa sy manara-maso izany (ohatra: ahafahana miaro ny faritra voavoly hazo amin'ny afo).

Mampahafantatra ny Fitaleavam-paritry ny tontolo iainana (DREDD) momba ny tetikasa hanatsara ny mety hisian'ny fiarovana ny toerana ary hisian'ny fanaraha-maso.

Mifampiresaka amin'ny mpisehatra voakasiky ny fambolen-kazo ao amin'ny fairtra, hifampizara vahaolana sy hanatsara ny tetikasa.

Mandray anjara amin'ny dinika momba ny fanamaitsoana, toy ny vovonana Alamino ohatra izay misokatra ho an'ny rehetra.

#10

AMPIASAINA SY ZARAINA NY TAHIRIN-KEVITRA

Tsy tokony miainga amin’ny tsy misy ny mpisehatra amin’ny fandrakofana ala. Ny tokony atao aza dia ny mampiasa ireo torolalana sy antontan-kevitra efa misy sy manome lanja ny traikefa voaangona. Noho izany, dia ilaina ny:

Mijery sy maka lesona amin’ireo tetikasa sy asa santatra efa nisy sy an-dalam-panantanterahana eo amin’ny toerana iasana, mamakafaka ireo fahombiazana sy ireo lesoka, ary mandravona ireo lesona notsoahana tamin’ny alalan’ireo traikefa ireo.

Mitrandraka ireo torolalana fototra sy ireo antotan-kevitra novolavolain’ireo tompon’andraiki-panjakana sy ireo mpisehatra marolafy.

Mizara amin’ireo mpanoratra ireo torolalana ny hevitrao mba ahafahana manatsara hatrany ireo antontan-kevitra misy. Ohatra, aza misalasala mandefa fanehoan-kevitra amin'ny INDRI momba ny fenitra 10 (alamino@indri.solutions).

Mizara ny traikefanao manokana hanampiana ireo mpisehatra hafa. Avoahy ny angona anananao (lesona azo, fampahalalana azo ampiharina, torohevitra, sns.)

ANTONTAN-TARATASY METY ILAINA

Raha te hijery bibliôgrafia feno sy azo alaina momba ireo antontan-taratasy mahakasika ny fambolen-kazo, dia araho ny QR Code na ity rohy ity : indri.solutions/2022/03/01/10-principes-mg.

FIFANDRAISANA

Ministère de l'Environnement et du Développement Durable

- meddcom5@gmail.com
- +261 34 05 620 73

INDRI, secrétariat de l'initiative Alamino

- lrakotomalala@indri.solutions
- +261 34 30 314 81

MPIARAMIOMBON'ANTOKA AMIN'ITY TETIKASA ITY

Izahay dia maneho fisaorana feno ho an'ireo mpiaramiombon'antoka teknika sy ara-bola izay nanohana ny fanatontosana ity antontan-taratasy ity :

FANAINGA

CRITICAL ECOSYSTEM PARTNERSHIP FUND

AFD AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

DARWIN INITIATIVE

UK International Development
Partnership | Progress | Prosperity

MINISTERE DE L'ECOLOGIE ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

ALAMINO

AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS DE MADAGASCAR

INDRI

INITIATIVE POUR LE DEVELOPPEMENT
LA RESTAURATION ECOLOGIQUE
ET L'INNOVATION